Andrim-panjakana 3

## Ahiana ny fipoahana mahery vaika eo anivony

Depiote Todisoa A. 2

## Mikarakara fampianarana teny anglisy ho an'ny rehetra


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 7 mars 2023 Laharana 1409 Vidiny : 600 Ar


Me Eloi, birao politikan'ny TIM 3

## Teboka 3 hanatsarana ny lalàna, mba ho eken'ny rehetra ny fifidianana


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Vehivavy TIM Analamanga 3

# Ao amin'ny Magro Behoririka no hankalazana ny 8 martsa




Fisoratana anarana amin'ny lisi-pifidianana 2

# Làlana handavoana izao fitondrana mampahory vahoaka izao




Korontana tamina trano fisotroana. Mahabo 6

# Lehilahy mpanasaraka indray no maty nisy nidaroka




Fikambanana Soleil Marmailles 6

# Tokantrano 350 traboina any Mananjary notolorany fanampiana





Tapany atsimon'i Menabe 6

## Mirongatra ny tsy fandriam-pahalemana sy ny valala

Antsiranana sy fifidianana ho avy 2

## Miara-mientana ny Vehivavy sy ny Tanora TIM

**Daka kely**

Hanaovy fampanantenana poakaty indray ny vehivavy rahampitso 8 martsa ry Boaikely a !

FISORATANA ANARANA AMIN'NY LISI-PIFIDIANANA

# Lalana handavoana izao fitondrana mampahory vahoaka izao

Nanatanteraka fifampiarahabana noho ny taona vaovao, ny RMDM, rodoben'ny mpanohitra, ao anatin'ny distrikan'i Toamasina voalohany ny faran'ny herinandro teo amin'ny Magro Ambodisoanambo.
Nanatitrantitra ireo izay nandray fitenenana ny amin'ny tokony hisoratan'ny olompirenena rehetra ao anaty lisipifidianana, fa izay no anisan'ny vahaolana hivoahan'ny firenena sy ny vahoaka, amin'izao fahasahiranana lalina mahazo azy izao. Ny filoha lefitra nasionalin'ny RMDM Toamasina, ny Senatera teo aloha Remi dia nanatsikafona ny fanodikondinam-bola fanampiana tamin'ny Covid ireny, izay nanaovan'izy ireo enquête parlementaire teo anivon'ny Sénat tamin'ny andron'izy ireo, fa tsy namaly ny convocation, na fiantsoana nataon'izy ireo ny ministera voakasika tamin'izany. Namerimberina ihany koa izy ny tokony hirosoana amin'ny concertation nationale, hanovana ny lalam-pifidianana, mba ho eken'ny rehetra ny vokatra hivoaka eo, ka raha tsy miroso amin'izany ny fanjakana dia tompon'andraikitra feno amin'ny zavatra mety hitranga eto amin'ny tany sy ny firenena. Ny Conseiller spécial RMDM faritan'i Toamasina Niaina Corneil dia nitondra ny hafatry ny filoha Marc Ravalomanana, ny amin'ny tokony hananan'ireo mpisehatra rehetra ao anatin'ny fanoherana fifamatorana, mba hisian'ny rindran-damina. Tokony hifameno sy hifanohana foana ny mpikatroka tsy hijerena fironana politika. Ny Président Jeune RMDM Jean Claude kosa dia nanantitrantitra ny tokony hisoratan'ireo olom-pirenena feno 18 taona anarana anaty lisi-pifidianana, fa izay ihany no vahaolana afaka handavoana ity fitondrana mpampahory vahoaka ity.



*Ireo avy amin'ny RMDM Toamasina I.*

**Stefa**

Depiote Todisoa A.

# Mikarakara fampianarana teny anglisy ho an'ny rehetra



*Ny depiote Todisoa, nitafa tamin'ireo rehetra liana hianatra fiteny anglisy maimaimpoana, ao amin'ny Boriboritany faha-6.*

Anisan'ny teny tena ilaina amin'izao fotoana ny fiteny anglisy, noho izay antony izay, mikarakara fampianarana teny anglisy ho an'ny rehetra: ankizy, tanora, lehibe, ny depiote voafidy tamin'ny lisitry ny antoko TIM tao amin'ny Boriboritany faha-6 Antananarivo Renivohitra, Todisoa Andriamampandry. Ny faran'ny herinandro teo no natao ny fisoratana anarana ho amin'izany fampianarana teny vahiny izany. Nambaran'ity olom-boafidy ity fa:"aman-jatony maro no tonga ireo tanora sy lehibe namonjy ny fisoratana anarana androany. Nahafinaritra ny dinika ary maro be ianareo no nilaza mbola ho tonga amin'ity herinandro ity, fa ho arindra ny fandaminana. Mirary soa ho anareo rehetra hahavita hatramin'ny farany," hoy izy.

**Stefa**

Antsiranana sy fifidianana ho avy

# Miara-mientana ny Vehivavy sy ny Tanora TIM

Nanatanteraka fivoriana tao amin'ny Tiko Place Kabaro any Antsiranana faritra Diana ny faran'ny herinandro teo, ireo mpitarika ny antoko TIM any amin'ny tapany avaratry ny Nosy iny. Ny momba ny fiomanana amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy no anisan'ny noresahana tamin'izany. Niara-nientana tamin'izao fivoriana izao ny Vehivavy sy ny Tanora TIM any Diego, izay tonga maro tokoa nandritra izany. Nampitaina tamin'ireo rehetra tonga tao, ny nilazana tamin'izy ireo ny mbola hanentanany ny olona mbola tsy tafiditra ao anaty lisi-pifidianana, ho tonga hisoratra anarana any amin'ny biraon'ny fokontany, satria mbola amin'ny faran'ny volana mey vao hifarana izany fisoratana anarana amin'ny lisi-pifidianana izany. Nambara ihany koa fa tokony ho mailo ny rehetra amin'ny fanarahamaso izany lisitra izany, sy ny fifidianana ho avy ary samy nanamafy, fa tsy hanaiky intsony ny mety ho hosoka sy hala-bato amin'izany fifidianana filohampirenena ho avy hatao eto amintsika amin'ity taona ity izany.



*Ireo vehivavy sy tanora TIM, nihaona tao amin'ny Tiko Antsiranana, ny faran'ny herinandro teo.*

**Isambilo**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fitondrana Rajoelina

## Tsy vitany ny andrasan'ny vahoaka maika

Iaraha-mahita sy miaina tsara izao, fa tsy misy afitsoka intsony, ny Ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra sy ny ekipany, amin'ny resaka fanamboaran-dalana, sy eo ihany koa ny resaka fako. Tsy misy lalana izay tsy simba sy potika eto an-drenivohitra, fa izay aleha rehetra kilavadavaka avokoa, toy ny tsy any amin'ny tanàn-dehibe intsony. Tsy mahatsiaro ho menatra sy tsy mahavita ny andraikiny amin'izany ity tomponandraikitry ny tanàna ity, kanefa nampanantena ery tany amin'ny fampilezan-kevitra. Mibaribary tsara izany izao, fa namitaka ny mponin'Antananarivo ny tenany. Fialàna bala sy fihatsarambelatsihy sisa no ataony amin'ny fisehoana manao zavatra hafa ankoatra ireo etsy sy eroa. Karazan'ny manao fampandehanan'asa izy ireo sisa, fa ny tena andrasan'ny vahoaka aminy tsy vitany. Toy izany ihany koa ny miseho eto amin'ny firenena. Ny fandehan'ny filohan'ny Repoblika Rajoenina mandeha etsy sy eroa hatrany amin'ny faritra samihafa any, dia asa tsy maintsy ataony amin'ny maha filoha azy, toy ny fanampiana ireo niharam-boina tamin'ny hetraketraky ny loza voajanahary niseho. Tsy amboniny akory ireny, fa tena ao anatin'ny asany tanteraka. Ireo tsy mahalala sy mora fitahiny amin'ny teny sy kabary tsara lahatra mampandry adrisa, no mora miesona sy voafitaka amin'izany. Matetika ihany koa, dia ireo sokajin'olona toy izany no araraotin'ny fitondrana anaovana izany, hikendrena ny fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana ho fitsinjovana ny fifidianana ho avy. Fantatry ny fitondrana Rajoelina tsara, fa tsy nahavita asa firy teto amin'ity firenena ity izy, ary tsy nahasoa sy nahatsara ny fiainam-bahoaka amin'ny ankapobeny. Hifarana anefa afaka volana maromaro sisa ny fe-potoana iasany. Raha tsy maneho fihetsika sy manatona ny vahoaka tsy afaka hamitaka ny vahoaka sy hanapempo ny sainy ary hanasa atidoha azy. Misy mpandinika sy mpamakafaka milaza, fa natao hampahantraina mihitsy ity vahoaka malagasy ity, mba ho mora resy lahatra sy hahazo ny vatony sy indrindra koa ny hareny. Hevitra maloto atao amin'ny vahoaka izany kanefa tsy hahasoa ny vahoaka sy ny firenena velively. Tsy tokony ho adinoina, fa ny ratsy atao amin'ity firenena ity dia tsy maintsy hivaly, satria mbola mitoetra na dia tsinontsinoavina aza ny fananany hasina.

**Sôh'son**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Finaritra R.

## Ny Valosoa sy hadihady

### Raharaham-pirenena

# Ahiana ny fipoahana mahery vaika eo anivon'ireo andrim-panjakana

Mivadika ambony ambany ny toe-draharaha eo amin'ny sehatra rehetra amin'izao fotoana izao, izay heverin'ny an-daniny ho fitsinjovana ny mpiray firenena eo amin'ny sehatra sosialy sy ara-pivelomana dia tsy eken'ny an-kilany, satria famotehana ny seha-pihariana sy ny tontolo iainana. Ny fanokafana ny "Base Toliara" no tiana ho lazaina ary ny zava-doza dia miteraka lonilony sy fifanandrinana eo amin'ny foko roa miara-monina any an-toerana ireo làlantsaina roa ireo. Ny zava-misy mifandrirotra dia ny manampahefana any an-toerana dia mihevitra, fa hiteraka asa ho an'ireo gasy, avy any amin'ny Faritra Androy, mifindra monina ao an-tampon-tanànan'i Toliara dia hahazo asa ao amin'ity orinasa ity. Nomarihan'ireo manampahefana, fa lasa mpivarotra amoron-dàlana fotsiny ireo mpifindra monina satria tsy mahita asa. Etsy an-kilany kosa ireo tena mponina hatramin'izay manodidina ity "Base Toliara" ity dia efa niaina ny voka-dratsin'ny fitrandrahana fasimainty, tamin'ny fotoan'andro, izay mamotika ny tontolo iainana sy manimba ny toe-pahasalaman'ny vahoaka. Raha tena mihevitra sy mitsinjo ny fampivoarana ny fiainan'ny vahoaka ny manampahefana any Toliara dia hanao izay hampihodinana indray ireo orinasa nanana ny naha izy azy fahiny: SNHU, SUMATEX, TOLY, sns,… Raha izay tokoa no hataon'ny fitondrana dia tena handroso sy hahita asa daholo izay mifindra-monina sy ny efa ao an-toerana. Ny tena zava-doza mantsy dia miteraka fifanandrinana sy fifampihantsiana eo amin'ny mpiray Tanindrazana ny fiziriziriana amin'ny fanokafana indray ny "Base Toliara". Ny lafiny miabo ihany koa, eo amin'ny famerenana ireo orinasa voatanisa etsy ambony hamokatra indray dia hiverina ny fambolena kapika sy hasy izay niroborobo tokoa, ary ny orinasa farany, hanamboatra fitaovana hoentina mamboly. Raha ny kabarin'ny filohan'ny Antenimierampirenena Razanamahasoa Christine, nandritra ny fifampiarahabana nahatratra ny taona 2023 ny Fikambanan'ny Zank'i Fianarantsoa dia mahatsiaro ho maty antoka izy ireo, ka nitaky ny hanomezana minisitera folo sy ny toeran'ny Praiminisitra ho an'ny zanaky ny Faritany. Tsapan'ny zanak'i Fianarantsoa ihany koa izany, fa niasa jamba rafozana ihany izy ireo satria tsy azony ekena ny fanimbazimbana ny filohan'ny fikambanan'izy ireo nataon'ny filohan'ny Repoblika taorian'ny fitsipaham-pitokisana nataon'ny solombavambahoaka dimy ambizato. Nitsabaka lalina tamin'ity raharaha ity ihany koa ny mpanolotsaina manokan'ny filohan'ny Repoblika, ka nanebaka ny Filohan'ny Antenimierampirenena ary nisy ireo solombavambahoaka namoaka vava, fa ho ravany ny Birao Maharitry ny Antenimiera. Tsy niandry ela dia voatsoka tsy ho talen'ny Kabinetran'ny Fiadidianan'ny Repoblika ihany koa Raharinirina Baomihavotse, izay avy any Fianarantsoa. Heverina fa fihetsika tsy voahevitra loatra izany, satria mampitombo ny disadisa tsy eo amin'ny samy manampahefana fotsiny, fa eo anivon'ny mpiray Tanindrazana mihitsy. Nahatsiaro ho tsy mba nahazo avara-patana ao amin'ny governemanta ihany koa ny solombavambahoaka iray avy any amin'ny Faritra Sofia, kanefa mba misy avara-pianarana maro ihany avy any. Tsy mazava amin'ny Malagasy intsony hoe iza amin'ireo ao ambony ao no tena manana ny teny farany, satria raha nanameloka ny fananihambohitra ataon'ny Rosiana any Ukraine ny minisitry ny Raharaham-bahiny teo aloha, Randriamandranto Richard, dia voatsoaka teo amin'ny toerany satria tsy nifanarahana hono, iny fanapahankevitra iny. Ny minisitry ny Raharaham-bahiny vaovao, Yvette Sylla, vao voatendry herinandro, dia nandatsabato manohana ny fialan'ny rosiana any Ukraine, ka asa raha ho voatsoaka ihany koa satria nanambara ny mpanolotsaina voalohany ao amin'ny masoivohon'i Rosia eto an-toerana fa diso fanantenana tamin'iny latsabaton'i Madagasikara farany iny. Na tiana na tsy tiana dia misy resaka "foko" mifanohitra ara-kevitra sy mifanilikilika eo amin'ny fitantanana ny Firenena ary mifampihantsy sy manao farateny eo amin'ireo tranga ireo, ka sao tsy fipoahana ara-tsosialy intsony no haterak'izany fa fipoahana mahery vaika eo anivon'ireo andrim-panjakana mihitsy. Manao fanambadiam-boalavo ireo mpitondra ka samy mikepoka izay azony, kanefa tsy maintsy mailo ny olompirenena rehetra, fa rehefa ho vaky hono ny sambo dia ny voalavo no miporitsaka voalohany.

***Andry Tsiavalona***

Me Eloi, birao politikan'ny TIM

# Teboka 3 hanatsarana ny lalàna, mba ho eken'ny rehetra ny fifidianana

Naneho hevitra momba ny fifidianana sy ny fifidianana filohampirenena ho avy eto amintsika, hatao amin'ity taona ity, Me Eloi Ratefimahefamijoro, mpikambana amin'ny birao politikan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Nambarany, fa: mitaky ny hanatsaràna ny lalàmpifidianana 2018-008 ny antoko Tiako i Madagasikara, mba hanànana fifidianana madio sy eken'ny rehetra, teboka 3 monja no hasiana fanitsiana :

- Ny momba ny « Plafonnement des dépenses de campagne », (famerana ny fandaniam-bola amin'ny propagandy), mba hampitovy tàntana ny kandida rehetra amin'ny fahalaniany na ny " égalité de chance d'être élu ".
- Ny momba ny « Commission de contrôle de financement de la vie politique », (vaomiera hanara-maso ny famatsiam-bolan'ny tontolo politika), mba ho « contrôle simultané », ka ho afaka avy hatrany hanao ny fitsirihina mialoha sy mandritra ny fampielezan-kevitra mahakasika ireo fandikan-dalàna rehetra mety ho hitany, sy ny fampanarahan-dalàna ny kandida mihoa-pefy.
- Ny fanendrena ny « membre de bureau de vote », (mpikambana amin'ny birao fandatsaham-bato), mba ho 3 na 2 volana mialoha no voatendry, ary manana ny fetram-pahalalàna takian'izany.

***Isambilo***



*Me Eloi Ratefimahefamijoro.*

Vehivavy TIM Analamanga

# Ao amin'ny Magro Behoririka no hankalazana ny 8 martsa



*Ny vavaka iraisam-pinoana, ho fanombohana ny fankalazana ny 8 martsa tany Toamasina.*

Anisan'ny handray anjara amin'ny fankalazana ny 8 martsa, andro eran-tany ho an'ny vehivavy raharaham-pitso alarobia koa, ny Vehivavy TIM Analamanga araka ny nambaran'ny filohany: Arphine Rahelisoa omaly, tao amin'ny fandaharana Dinika, ny fahitalavitra MBS, sy efa nambara ihany koa tamin'ireo mpikatroka Andriambavilanitra ao amin' ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity. Vavaka, famelabelarana arahina ady hevitra momba ny zo sy ny andraikitry ny vehivavy eo amin'ny fiaraha-monina, sy eo amin'ny fiainam-pirenena no anisan'ny hatao amin'izany ao amin'ny kianjan'ny Finoana. Hisy avy eo ny fanentanana ny olona hiditra ao anatin'ny listry ny mpifidy hataon'izy ireo eto an-drenivohitra, satria zava-dehibe loatra ny fifidianana filohampirenena ho avy io, hanovana ny tsy rariny misy eto amin'ny firenena, sy hialana amin'izao fahasahiranana sy krizy lalina mahazo ny firenena sy ny vahoaka izao.

Mahakasika izay fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny Vehivavy izay ihany fa tany amin'ny Faritra Atsinanana. Ny Sabotsy 04 Martsa teo, nanatanteraka fotoam-pivavahana iraisam-pinoana, tao amin'ny Fiangonana Anglikanina Katedraly Santa Jakôba, izay notarihan'ireo Ray aman-dreny FFKM, ny tany an-toerana, mba ho fangataham-pitahiana ho an' ireo Vehivavy. Raham-pitso alarobia, filaharambe hataon'ireo Andriambavilanitra sy ny fikambanan'izy ireo, no anisan'ny hanamarihana izany any amin'ny Araben'ny Fahaleovantena any amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana, anisan'ny handray anjara mavitrika amin'izany ny Vehivavy TIM sy ny Vehivavy RMDM.

***Niaina/ Fanja Aina***

## TONONKALO

### Ny ekipa volon-daoranjy

Andro sisa no isaina dia haneno ny anjomara,
Ary dia handao ny kianja iretsy ekipan`ny mapara.
Angamba hiondri-doha tanteraka sady tena tsy hahatraka.
(Tsisy baolina tafidiny ka dia tena afa-baraka !)

Ireo mpitsara ny lalao dia tapitra nokaramainy.
Kolikoly no talentany sady zavatra mba hainy,
Miampy ny lalaom-boto izay toa lasa fahazarany.
Eny, hatramin`ny mpijery no anehoany ny hasomparany !

Mbetika no mifamaly izy samy iray ekipa.
Toa tsy mahalala menatra na ny bandy na ny sipa.
Raha ny vava dia ananany, misapaoritra "ny pokona",
Fa ny ankoatr`izay dia "aotra", vendrana izy, tsisy hatokona!

Tena manavanana azy izany hoe mikapa ranjo,
Ny mamingana, mamely, indrindra ny mitana akanjo.
Ny mpitsara moa mazàna no toa modimody jamba.
Misy "kopaka isasahana" any ambadika any angamba!

…Izay no momba ilay ekipa notantanan`i Boaikely.
Tsy mahomby, tsisy hafitsoka, ary tena tsy mamely,
Nefa dia mikiry fatratra ny hoe mbola hiaka-tsehatra,
Ka dia aoka ho mailo isika fa vao mainka hamohehatra !

***DADAN`i ZINA (01-03-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Navalona, J. Claude

**Ny fifampiarahabana tratry ny taonan'ny Com-TIM Ambohitrimanjaka distrikan'Ambohidratrimo, sy fanolorana solom-boadiakoho ary mari-pahatsiarovana ho an'ireo raiamandreny TIM, tao amin'ny " Espace 3 Fy " Ambohitrimanjaka, ny faran'ny herinandro teo.**





**Ny fifampiarahabana tratry ny taonan'ny RMDM Toamasina voalohany ny sabotsy teo.**













## NY TENY FIAINANA

*Ary na inona na inona no ataonareo, dia ataovy amin'ny fo, tahaka ny ho an'ny Tompo, fa tsy ho an'olona, satria fantatrareo fa ny Tompo no handraisanareo ny lova ho valiny; fa manompo an'i Kristy Tompo ianareo.*

***Kolosiana 3: 23-24***

### AGO NY FMF 2023

# Natrehan'ny solontenan'ny FIFA sy COSAFA

Tontosa tamin'ny sabotsy 04 martsa teny amin'ny « Domaine de l'Ermitage Mantasoa », ny AGO 2023 an'ny FMF « Federation Malagasy de Football », ka ligim-paritry ny baolina kitra miisa 22 mpikambana ao anatin'ity Federasiôna ity, no tonga nanatrika an'izany avokoa. Niavaka kosa ny fanatrehan'ny mpikambana roa avy amin'ny FIFA : Harraz Amed sy Rasoamahenina Sanda, niaraka tamin'ireo solontenan'ny Cosafa : Almeida Silva Artur sy Aid Ali ary Indrissa Issoufou, izay filoha sy filoha lefitry ny Cosafa, niatrika an'izany fivoriana izany. Fantatra tamin'izao fivoriana izao, fa ho tontosaina amin'ny volana septambra 2023 ho avy izao ny fifidianana ny ho filoha vaovao ny FMF ary efa tafapetraka tamin'io sabotsy io ny «Comité électoral » sy ny « Commission de recours » hanomana sy hanao an' izany fifidianana izany. Ny « Comité électoral dia ahitana mpikambana miisa 8 izay samy « juristes » avokoa dia ao Andriamatoa Tatafraky Benjamin filohan'ny fitsarana any Toamasina, Andriamatoa Rakotoniaina Daniel filohan'ny fitsarana any Sava, Ramatoa Ralavarisoa Beby Fabienne « magistrat de 1er grade substitut du procureur », Andriamatoa Randriamparany Nirina Jocelyn (Juriste en profession libérale, Ramatoa Rabetsaroana Soamiadana Princia (Avocate à Paris) ary « Suppléants » miisa 3 : Andriamatoa Maminirina Jolce Emilien (Juriste), Andriamatoa Ratolojanahary Maharavo (Administrateur Civil retraité) ary Andriamatoa Rasamoelina Andrianatohanina (Avocat au bureau de Madagascar). Miisa 5 kosa ireo mandrafitra ny « Commission de recours », ka ny 3 dia tompon-toerana : Andriamatoa Randrianarisoa Mamy Ericsson (Juriste conseiller au Conseil d'Etat Antananarivo) , Andriamatoa Andrianasolo Andry Fiankinanana (Juriste Profesion libérale), Andriamatoa Razafindrakoto Andrianjato (Juriste en Profession libérale) ary ny 2 kosa mpisolo toerana : Andriamatoa Liahosoa Malement sy Rakotoarimanana Jean Yves ( Président de chambre de la cour d'Appel à Toamasina).

**Rainilita**




*AGO ny FMF tany Mantasoa.*

### "Volley Ball – CCC zône 7, 2023"

# Faha-4 ny laharan'ny Gnvb vehivavy

Nifarana tamin'ny alahady 05 martsa 2023 teo, tany amin'ny kianja "Gymnase de Vacoas Maurice", ny andiany faha-28 tamin'ny fifaninanana volley-ball "Club des champions de la Zone 7, 2023", ka nandraisana ekipa 3 Malagasy anjara dia ny Gnvb lahy sy vavy ary ny Stef'Auto. Voahosotra ho tompondakan'ny faritra faha-7 aty Afrika ny ekipan'ny Tampon Gecko Volley Club Sportif sokajy lehilahy, izay nandavo ny Olympique Montagne Goyaves Rodrigues tamin'ny seta 3 noho 1 (25-18/25-22/25-27 sy 25-21), sy ny klioba Quatre Bornes Volleyball Maorisy sokajy vehivavy nandresy ny Arsu Sychelles seta 3-2 (25-18/17-25/19-25/25-26 sy 15-13). Ny ekipan'ny Gnvb vehivavy izay hany ekipa Malagasy tonga teo amin'ny ankatoky ny famaranana dia resin'ny ekipan'ny Saint-Denis Olympique La Réunion tamin'ny seta 3-0 indray (24-26/21-25 sy 12-25), teo amin'ny lalao fiadian-toerana faha-3, ka laharana faha-4 no nisy azy tamin'ity fifaninanana ity.

**Rainilita**



*Gnvb vehivavy tany Maurice.*

### Basket Alley Hoop Rdj 96.6 Fm

# Fahombiazana ny andiany 2023



*Basket-ball, Alley Hoop 2023.*

Fahombiazana tanteraka na teo amin'ny fisehoana ivelany (fikarakarana ny kianja sy fanomanana rehetra), na teo amin'ny vokatra azo : ny hetsika andiany 2023 tamin'ny "Basikety Alley Hoop", nokarakarain'ny onjampeo Rdj 96.6 Fm, sy ny Fmbb tetsy amin'ny "Palais des Sports Mahamasina", izay nifarana tamin'ny alahady 05 martsa 2023 lasa teo efa ho alinalina ihany. Norombahan'ny ekipan'ny Ankoay lahy sy vavy nisy an'i Elly, Arnold, Faray ary Livio sy Sydonie, Christiane, Muriel ary Chine ny lelavola 5 hetsy ariary avy, nampanantenain'ny Filoha Tale Jeneralin'ny RDJ 96.6FM, Rasolojaona Tahiana (Jay Taxx), fa , hatolotra ny mpandresy amin'ny sokajy Sénior tamin'ity fifaninanana ity. I Elly, Arnold, Faray ary Livio dia nandresy an-dry Bila, Anthony, Ninisy ary Marco Cospn 1 tamin'ny isa 21 – 18. I Sydonie, Christiane, Muriel ary Chine kosa nandavo an-dry Miora, Rasoa, Kapoka ary Malala Mb2All tamin'ny isa 17 – 8. Marihina fa ny Ankoay lehilahy dia manomana ny "Coupe du monde 2023 » hatao any Vienne Autriche amin'ny 30 mey ka hatramin'ny 4 jona 2023 ho avy izao ankehitriny ary ny Ankoay vehivavy kosa dia manomana ny "match de barrage", hatao any Israël amin'ny 6 sy 7 mey 2023, hahazoana miatrika ny "Coupe du monde dame 2023". Ireo vokatra azo hafa : U23 lehilahy : Sbc nandresy ny Akbb 20 – 18. U23 vehivavy : Basy Normal Black nandresy ny Atlanta 14 – 12. U17 zatovovavy : Abm Boeny nandresy ny Ascut Atsinanana 19 - 17.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Akoho gasy rony, na akoho ro mazava indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny voankazo voatabia hazo


Ny soa azo avy amin'ny voankazo voatabia hazo indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Be otrikaina ny voatabia hazo, miaro amin'ny fahanteran'ny sela, manala tavy, manala menaka, tsara ho an'ny hoditra.
Mampilamina ny tahana siramamy, tsara ho an'ny marary tenda, mahasalama ny fo, mahasalama ny maso, miaro amin'ny aretina cancer na homamiadana , tsara ho an'ny mararin'ny Cancer. Mampatanjaka ny hery fiarovana, tsara ho an'ny olona tsy ampy rà, tsara ho an'ny saina, tsara ho an'ny volo.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Andranofotsy any amin'ny distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo


Ny tanànan'Andranofotsy any amin'ny distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andranofotsy ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Maroantsetra. Any avaratry ny faritra Analanjirofo no misy azy. Mbola azo lazaina ho iva toerana izy, satria 17 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina, manamorona ny Helodranon'i Antongil ity tanàna ity. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny kafe, ny lavanila, ny voankazo toy ny letchi, ny manga. Mpanjono ihany koa ny mponina any Andranofotsy.



KORONTANA TAMINA TRANO FISOTROANA. MAHABO

# Lehilahy mpanasaraka indray no maty nisy nidaroka

Ny sabotsy 25 Febroary 2023 alina lasa teo, nitrangana korontana tao amin'ny trano fisotroana iray, izay tsy lavitra ny biraon'ny distrikan'i Mahabo aty amin'ny faritra Menabe, satria dia nisy ireo izay nisotro tao no tsy nahazaka ny alikaola nosotroiny, ka nohon'ny resaka tsy nitovy dia raikitra ny fifamaliana ary niafara tamin'ny fifampikasihantanana, tao anatin'izay no niditra niezaka nandamina ity Raim-pianakaviana iray izay antsoiana hoe Ramanantsoa Joelison, kanjo izy indray no niharan'ny hatezeran'ireo mamo, tratran'ny tambabe ka nisy ny nisintona tao ny nandaka ary lavo izy, nisy nanjera Parping ny lohany, ka naratra mafy. Rehefa hitan'ireo namono azy fa efa voa izy dia nitsoaka ireo nahavanon-doza, raha nentina namonjy fitsaboana kosa ilay naratra, tao amin'ny tobim-pitsaboana tao Mahabo. Saingy noho ny ratra mafy nahazo azy dia voatery nalefa teto Morondava izy, saingy in-




drisy fa namoy ny ainy, satria maro loatra ny rà very ary tena voa-mafy tokoa ratompokolahy . Nandray andraikitra avy hatrany ny polisim-pirenena ao Mahabo, ka nanokatra fanadihadiana ary nampiantso ny tompon'ilay trano fisotroana, nandritra ny fanadihadiana ity tompon'ny trano fisotroana ity, no nahafantarana fa miisa 9 lahy ireo voarohirohy amin'ity raharaha ity, ka ny 3 no efa tratra raha mbola karohina kosa ny 6, hoy ny tompon'andraikitra avy eo amin'ny polosim-pirenena ao Mahabo Commisaire Hasindrainy Dauphin. Mitohy ny famotorana sy fikarohana hoy izy, fa ireo 3 lahy tratra kosa efa natolotra ny fampanoavana taorian'ny fanadihadiana natao tamin'izy ireo, ka efa notanana am-ponja vonjimaika . Nosintonina kosa ny fahazoan-dalana hivarotra ho an'ilay trano fisotroana, ka nakatona ilay trano fisotroana io. Noraisina koa ny fepetra, fa tsy maintsy mihidy avokoa ny trano fisotroana rehetra ao amin'ny distrikan'i Mahabo manomboka amin'ny folo ora alina; izany no tapaka nanditra ny fivoriana izay niarahana tamin'ireo tompon'ny trano fisotroana ao Mahabo, notarihan'ny lehibe'ny Distrikan'i Mahabo ny alarobia lasa teo. Araky ny dinam-piarahamonina ao Mahabo dia izay mamono olona dia miantoka ny lany rehetra amin'ny fikarakarana ny razana sy ny fandevenana azy ; izany anefa tsy manakana ny mpitandro filaminana tsy hanao ny asany, ka eo indrindra no anaovan'ny fiara-hamonina sy ny fianakaviana antso avo amin'ny fitondrana foibe, ny mba hisamboarana sy hanasaziana izay rehetra nandray anjara tamin'ity vono olona, izay niniana natao ity, na ireo nandray anjara nivantana na ankolana tamin'izao, satria dia misy ireo izay efa miezaka manao raharaham-pihavanana, ao koa ireo izay nitsoaka ivelan'i Mahabo, ka manahy ireo mponina ny hahalasa izao vono olona izao, ho lasa fomba ratsy mahazatra toy ny fanapahan-doha sy halatra maso teo, satria ilay dinam-piarahamonina, tsy mbola tanterak'ireo voatonona amin'ity vono olona ity dia vao telo ihany no tratra. Itompokolahy dia isan'ny mpikambana sady mpitarika ny FIVE Menabe ao Mahabo, fikambanana ivondronan'ireo firaisamonim-pirenena ao Menabe, ka filoha mpitarika ny komity mpanaramaso izy. 52 taona izy izao maty izao ary namela mananontena iray sy kamboty 5 mianadahy. Nentina any an-tanindrazany any Ankazondrano ; kaominina Ambohimahazo ny alarobia 01 Martsa lasa teo ny razana ka nalevina ny alakamisy 02 Martsa ihany.

*Rajepa*

Tapany atsimon'i Menabe

# Mirongatra ny tsy fandriampahalemana sy ny valala

Very fanahy mbola velona ireo mponina ao amin'ny tapany atsimon'ny faritra Menabe, satria dia hatramin'ny faran'ny volana janoary teo dia mirongatra ny valala sy ny tsy fandriampahalemana. Raha ny ao amin'ny kaominina ambanivohitr'i Befasy ao amin'ny tapany atsimon'ny distrikan'i Morondava dia saika isan'andro dia ahenoana poa-basy hatrany ary efa nisy mihintsy ny aina nafoy, satria tamin'ny alatsinainy faha-20 febroary teo, vao tamin'ny valo ora alina dia raim-pianakaviana iray no notifirin'ny dahalo ary avy eo notapahan'izy ireo ny lohany. Na dia miezaka mamaly aza ireo vahoaka dia tsy mahatohitra nefa na dia izany dia matetika mitondra tana-polo miverina ireo dahalo, ka izay no mahatonga azy ireo miverimberina ary mitombo hatrany ny isany isaky ny miverina ary tamin'ity fiandohan'ity herinandro ity dia efa nandefa feo koa ireo dahalo, fa ho avy ka manao antso avo ireo mponina ny mba hijerena azy ireo, satria na dia misy mpitandro filaminana aza ao an-toerana dia sady vitsy no tsy ampy fitaovana ihany koa, ka sahirana rehefa misy hazo lava ; raha ny tapany atsimon'ny sy atsinanan'ny distrikan'i Mahabo indray dia rehefa tsy miady amin'ny dahalo dia miady amin'ny valala, satria dia mirongatra ny valala eo anelanelan'i Mahabo sy Mandabe iny ary efa manomboka manarona an'i Mandabe. Etsy ankilany, mbola ao Mandabe ihany dia ahiana ny hisian'ny ady antrano satria dia maro amin'ireo dahalo niova fo no miverina manao ny asa ratsy sy herisetra fanaony nohon'ny disadisa izay nitranga, noho ny nahafaty ny lebehin'ny kalaony iray dia lasa



Ilay raim-pianakaviana nisy nanapaka ny lohany.

mifanafika ireo fianakavian'ilay maty sy nitifitra. Ny mahagaga amin'ity raharaha ity, raha nantsoina tamin'ny finday ny CB dia nilaza fa milamina Mandabe tsy misy korontana izany nefa ny ben'ny Tanàna lefitra Andiamatoa Christian izay nilatsaka antsehatra nandamina ity raharaha ity, saika voakasi-tanana mihintsy ary nilaza ity ben'ny Tanàna lefitra ity, fa efa namonjy an'ny CB ihany izy saingy tsy nisy vokany izany, koa miantso ny tompon'andraikitra ireo mponina mba hijerena akaiky azy ireo, fa mitebiteby izy ireo ary mitodika manokana amin'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny zandary ihany koa, mba hanara-maso ny fomba fiasan'ireo tompon'andraikitra any aminy, satria toa tsy hita soritra ny fisian'izy ireo any an-toerana. Etsy ankilany moa dia efa nandray andraikitra ny eo anivon'ny faritra ka miaramisalahy amin'ny komitin'ny fandriampahalemana, na ny comité de paix, ka ny avy eo amin'ny faritra no niantoka ny fandehan'ireto farany any Mandabe, araky ny fanazavan'ny governoaran'ny faritra Menabe Serge Lucky, ka mahagaga ihany ny ilazan'ny CB fa tsy misy korontana ao Mandabe?

*Rajepa*

Rugby Championnat XXL Energy Top 20, 2023

# Mbola miakatra kianja ny 3Fai Vakinankaratra

Na dia notandindomin'ny orana aza ny toe-trandro teto Iarivo dia tontosa soa aman-tsara ireo lalao rugby rehetra, voafaritry ny fandaharam-potoana ho tanterahina teny amin'ny kianja Makis Andohatapenka, tamin'ny alahady 05 martsa 2023 teo (tohin'ny andro voalohany). Niavaka tamin' izany ny mbola fiakaran'ny ekipan'ny 3Fai Vakinankaratra an-kianja indray na dia eo aza ny olana mianjady amin'ny filohan'izy ireo, Mme Raissa, izay voatazona any am-ponja noho ny resaka nahavoasaringotra azy, nefa efa nanatsoahan'ireo mpitory ny fitoriana napetrak'izy ireo taminy. Mbola mahatsiaro ho kamboty tanteraka anefa ity klioban'ny 3Fai ity noho izany, ka misy fiantraikany eo amin'ny vokatra azon' izy ireo izany. Mangataka amin'ny tompon'andraikitra rehetra mahefa hatrany amin'ny filoham-pirenena, ireo mpilalao eo aminy mba hijerena akaiky ny mikasika an'ity filohan'izy ireo ity (famoahana ny didim-pitsara mitarazoka mikasika azy, sy ny famelana ny zanany vao am-bolana vitsy hihaona aminy eny amponja). Ireo voka-dalao rehetra tamin'io andro voalohany dingana faharoa io : Uscar (31)-(19)3FAI, STM (13)-(10) XV Avenir, Mang'art (40)-(39)UASC, TFMA(19)-(14)TFA.

*Rainilita*

Fikambanana Soleil Marmailles

# Tokantrano 350 traboina any Mananjary notolorany fanampiana

Fianakaviana traboina miisa 350 no nahazo fanampiana avy amin'ny fikambanana Soleil Marmailles ny sabotsy teo, tany Mananjary faritra Vatovavy. Fianakaviana traboinan'ny rivodoza Freeddy farany teo any Mananjary faritra Vatovavy, ireo nahazo fanampiana avy amin'ny fikambanana Soleil Marmailles ireo. Ity fikambanana ity dia tarihan'ny Dokotera Sylvie sy Tiana Razafintsalama, Malagasy monina sy miasa atsy amin'ny Nosy La Réunion. Fanampiana toy ny vary, labozia, briquet ary akanjo samihafa, no natolotry ny solontenan'izy ireo eto an-tanindrazana tamin'izany, izay nahitana an-dRamatoa isany Arphine Rahelisoa, sy Faniry Tsialonina ary Andriamatoa Harimanana Andrianantenaina. Ireo tokantrano traboina tena sahirana sy marefo avy amin'ny fokontany miisa 12 any Mananjary, no notolorana izao fanampiana izao. Efa fanaon'ity fikambanana ity ny fanaovana asa soa, asa sosialy toy izao eto an-tanindrazana, manampy koa izy amin'ny fanaovana foto-drafitrasa mahakasika ny lafiny sosialy. Tena sahirana ny ankamaroan'ny mponin'i Mananjary amin'izao fotoana, satria lasibatry ny rivodoza indroa miantoana tato anatin'ny herintaona izao dia ny rivodoza Freddy farany teo, sy ny rivodoza Batsirai tamin'ny taon-dasa, ka izany no anisan'ny nitondrana izay voatsirambin'ny tanana ho azy ireo, hoy ny solontenan'ny Soleil Marmailles eto Madagasikara: Arphine Rahelisoa sy Harimanana Andrianantenaina. Nankasitraka izao fanampiana avy amin'ny fikambanana Soleil Marmailles izao, ireo nahazo izany tany Mananjary.

*Aly*




*Ireo avy amin'ny fikambanana Soleil Marmailles, nanolotra fanampiana ho an'ireo traboinan'ny rivodoza tany Mananjary.*

Iberanandrasana Johna Augustin

# « Tsy afa-misaraka ny fanabeazana sy ny Kolontsaina… »



Ny fanabeazana sy ny kolontsaina no antoky ny hisian'ny fampandrosoana, noho izy ireo fitaovana iray mahomby sy sahaza ny rehetra ahafahana mamolavola Olom-banona ara-tsaina, ara-batana ary ara-panahy, raha voafehy ny fampiasana azy, hoy i Iberanandrasana Johna Augustin, Olom-pirenena tsotra manaraka akaiky ny fivadibadihan'ny fiainan'ny firenena. Mila omena hasiny sy apetraka amin'ny toerana sahaza sy mendrika azy, araka izany, ny fanabeazana izay tsy tokony hisaraka amin'ny kolontsaina. Nomarihany fa raha tiana ny hahita vokatra tsara ao anatin'ny sehapanabeazana eto Madagasikara dia mila mifaka amin'ny kolontsaina, misy isam-paritra ny fandrafetana ny fandaharam-pianarana. Mila mamantatra ny niandohany: « Ioharano nipoirany», amin'ny alalan'ny fanabeazana omena azy ireo taranaka Malagasy, hoy hatrany Iberanandrasana Johna Augustin. Tsy ho afaka hitondra fampandrosoana sahaza ho an'ny tanindrazany tokoa mantsy ny taranaka tsy mahafantatra akory ny fiaviany. Hitarika hatrany amin'ny fahaverezan'ny hasin'ny tany izany ary ho tonga tsy hay tohaina sy hanao be fiavy toy ny misy ankehitriny Rafahantrana. Nanao antso avo ihany koa Iberanandrasana Johna Augustin, ho an'ireo rehetra misehatra amin'ny fanabeazana, mba samy handray andraikitra anatin'ny fahavononana omban'ny fahasesen-dahatra an-tsitram-po, ho amin'ny famolavolana ireo taranaka handimby sy hitondra ny firenena rahatrizay. Tsy vitan'olon-drery na minisitera iray tokoa mantsy ny asa fanabeazana, fa mila ny fifanomezan-tanan'ny rehetra raha tiana ny hioty voka-tsoa. Takiana ny hisian'ny lalàna ahafahana miaro ireo mpisehatra amin'ny fanabeazana, mba tsy ho embany vahohon'ireo mpanao politika hatrany ireo mpanabe sy mpampianatra isan'ambaratongany. Raha fintinina, mila omena lanja manokana ny fanabeazana sy ny kolontsaina, raha tiana tokoa ny hisian'ny fampandrosoana sy ny fivoarana mankany amin'ny tsaratsara kokoa hatrany amin'ny fiainan'ny vahoaka Malagasy efa trotraka sy lanaky ny fahantrana lalina.

*Lalasoa Razafindrakoto*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**04/03/2023 hatramin'ny 11/03/2023**

- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1409-03-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**SAMBO LEHIBE TONGA**

# Mpizahatany 94 tokony hitsidika an'i Morondava no tsy tafiditra

Sambo iray lehibe antsoina hoe Coral Geographer mitondra olona 151 avy any Australie, no nigadona teto Madagasikara ny 23 Febroary tao amin'ny seranan-tsabon'i Mahajanga, mpizahatany Zokiolona Australianina sy Amerikana miisa107 no entin'ity sambo ity ary ahitana tatsambo sy mpitsabo miisa 44, izay mikarakara ireo mpizahatany ireo eny ambonin'ny sambo. Efa tamin'ny taona 2020 no efa fandaharam-potoana tokony ho nidiran'ity sambo ity teto Madagasikara dia izao vao afaka nitsidika an'i Madagasikara izy, noho ny valanaretina COVID 19, sy ny fepetra nipetraka amin'ny fisorohana io valanaretina io, ka araky ny fanazavana izay azo avy amin'ny ramatoa Lydie, tomponandraikitry ny operateur avy ao amin'ny agance Selero Madagasikara, izay tour operateur Malagasy miara-miasa amin'ny Coral Expedition, tour operateur vahiny mitondra ireo mpizahatany dia voahaja tanteraka ny fepetra ara-pahasalamana iraisam-pirenena, satria ireo mpizahatany rehetra dia vita vaksiny ho fiarovana Covid-19 avokoa, talohan'ny nialan'ny tsirairay avy tamin'ny fireneny ary mbola misy ny fanaraha-maso ara-pahasalamana eny ambony sambo, izay ataon'ny mpitsabo miaraka amin'izy ireo. Tsy maintsy mandalo fizahana ara-pahasalamana koa izy ireo alohan'ny hivoahany ny sambo sy rehefa miverina ao anaty sambo, izany no atao dia hitsinjovana ny fahasalaman'ny rehetra na ireo mpizahatany na ireo mponina amin'ny faritra ho tsidihin'izy ireo. Eo amin'izay resaka ara-pahasalamana izay ihany dia nanambara ny avy ao amin'ny Groupe SETAM Tour operateur Malagasy mikarakara ny fivahinianan'ireo mpizahatany sy ny fikarakarana azy ireo amintsika, fa miezaka mampihàtra ny fepetra ara-pahasalama rehetra izy ireo ary misy koa ny fiaraha-miasa amin'ireo tompon'andraikitra ara-pahasalama amin'ny toerana tsidihin'ireo vahiny, ka atao izay tsy hampisy voka-dratsy ara-pahasalamana na eo amin'ny mpitsidika na ny tsidihina ary efa misy ny fanadihadiana mialoha atao mikasika ny vahiny sy ny mponina eo amin'ny faritra ho tsidihana, mba hahafahana mandray ny fepetra tokony ho raisina hoy ramatoa Dina Ravalisaona tomponandraikitry ny fizahan-tany eo anivon'ny Groupe SETAM. Ny sabotsy 25 febroary tamin'ny 5ora maraina no nigadona teo amin'ny farodranomasin'i Morondava ity sambo ity rehefa avy y nanao fitsidihina tao Mahanjanga, ka nikasa hanao fitsidihana teto Morondava, nisy ireo tonga dia nihazo an'i Toliara tamin'ny fiaramanidina, ka 138 no nanohy ny dia tamin'ny sambo, hijery ny tanànan'i Morondava sy ny allée de baobab ny tapak'andro marainan'io sabotsy io. Tokony ho tamin'ny valo ora maraina no nivoaka ny sambo izy ireo ka nandeha vedette mba hahazo ny morontsiraka hahafahany miakatra an-tanety ireto vahiny, saingy noho ny toetran'ny ranomasina izay nanonjabe, ka tsy nahafahan'ny vedette nihetsika dia tsy afa-nidina ireo mpandeha tao amin'ilay sambo izay marihina fa tsy afaka nihazo ny sisintanin'ny Morondava koa, satria tsy mba manana seranan-tsambo afaka mandray sambo lehibe raha i Morondava, ka rehefa misy ireo sambo mandalo eto Morondava dia tsy maintsy taterin'ny vedette avy eny amin'ny sambo ny olona sy ny entana vao afaka miakatra ny tanànan'i Morondava eo amin'ny 500 m ka hatramin'ny 5 km miala ny tanin'i Morondava no voatery tsy maintsy mijanona ny sambo miankina amin'ny toetrin'ny ranomasina.




*Ilay sambo lehibe mpitondra mpizahatany teo amin'ny ranomasin'i Morondava ny herinandro teo.*

***Patrick***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 426**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0425)

***Mitsivalana***
- Sivanina
- Azo – Bara (miv)
- Manirery
- Orana
- Anio – Iry
- Van(o) – IV
- Atao

***Mitsangana***
- Sambava
- Iza – Na
- Vonoina
- (J)iro
- Nara – Rà
- Ireny
- Narary
- Aby – Ivy

## TENY MIFANAPAKA N° 426




**Mitsivalana**

**1.** Sakaviro hoy ireo any amin'ny faritra **2.** Nandeha (miv) – Mpisolo tena **3.** Tady, zaha – Anaty rano **4.** Litera « A » hatramin'ny « Z » - Tsy ampy sakafo (miv) **5.** Mitempo – Nodimandry (miv) – Tovona **6.** Hazo lava (miv) – Tsara (miv) **7.** Santa – Fitaterana **8.** Mitsahatra – Miantso **9.** Antsasaky ny valo – Sarobidy (miv) **10.** Androany – Havanana

**Mitsangana**

**A.** Hanina isan-karazany – Moramanga, Alaotra **B.** Andro **D.** Saka – Seranana (miv) **E.** Niala voly (miv) – Asa **F.** Poketra **G.** Aiza – Akana vao mitombo – Tsirin-teny **H.** Naoty – Enti-milaza – Zo **I.** Omby (miv) – Todika (miv) **J.** Tolorana (miv) – Ambany **K.** Biby fiompy

## Valiny Teny mifanaraka 0425

**Mitsivalana**

**1.**Fiverenana **2.** Anaka - Ao **3.** Narehitrao **4.** Anana - Na **5.** Lova - Mi (miv) **6.** Asa - Kabary **7.** Hira - La - Ar **8.** Vatana **9.** Donto - Riak(a) **10.** Tanalahy (miv)

**Mitsangana**

**A** Fanalahidy **B.** Ina - Osy - OH **D.** Varavarana **E.** Ekena - TL **F.** Raha - Voa **G.** Alainy (miv) **H.** Natambatra **I.** Roa (miv) - Tia (miv) **J.** Andrana **K.** Aloa - Iraka

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Aly

**Maro ireo nisoratra anarana, amin'ny fampianarana teny anglisy, karakarain'ny depiote Todisoa Andriamampandry voafidy tamin'ny lisitry ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-6.**











**Ny fizarana fanampiana ho an'ireo traboinan'ny rivo-doza Freddy tany Mananjary faritra Vatovavy, nataon'ny fikambanana Soleil Marmailles, ny sabotsy teo.**





